**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
**Fitiavana – Tanindrazana - Fandrosoana**

MINISITERAN'NY FITANTANAM-
BOLA SY NY TETI-BOLA
----------------

**DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA 2012 – 045 tamin'ny 17 janvier 2012**

Anondroana ny anjara raharahan'ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola ary koa ny Fandaminana ankapobe ny Minisiterany.

**NY PRAIMINISITRA, LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA,**

- Araka ny Lalàmpanorenana ;
- Araka ny Lalàna laharana faha-2011-014 tamin'ny 28 desambra 2011 mametraka ho anisan'ny Lalàna ny tondro zotra nosoniavin'ny mpanao politika tamin'ny 17 septambra 2011 ;
- Araka ny Hitsivolana laharana faha-93.027 tamin'ny 13 mey 1993 sy ny Didim-panjakana laharana fana - 93.842 tamin'ny 16 novambra 1993 nanova ny andininy sasany ao amin'ny Didim-panjakana laharana faha-76.132 tamin'ny 31 martsa 1976 mifehy ny Mpiasam-panjakana ambaratonga Ambony ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana faha-2011-653 tamin'ny 28 Oktobra 2011 manendry ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana faha-2011.687 tamin'ny 21 Novambra 2011 manendry ny Mpikambana ao amin'ny Governemanta ;
- Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola ;
- Eo amin'ny Filan-kevitry ny Governemanta ;

**Dia mamoaka izao Didim-panjakana izao :**

Andininy voalohany : ao anatin'ny politika ankapobe arahan'ny Fanjakana, dia ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola no :

1. Mandrafitra sy mampihatra ny politika momba ny fitantanam-bola sy ny hetra ary ny Teti-bolam-panjakana, izay ahitana ny :
   - fandrafetana ny volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bola ;
   - fanaraha-maso sy famintinana ny fampiharana ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bola ;
   - asa famaritana ny fari-piasana, fanaraha-maso ary ny famoriana ny loharanon-karena, avy amin'ny hetra sy ny fadin-tseranana ;
   - fitantanana sy fanaraha-maso ny fananam-panjakana ary ny fitantanana ara-bola ny mpandraharaha ao amin'ny fanjakana ;
   - fitantanana ny vola kirakiraina sy ny trosa anaty sy ivelany an'ny fanjakana ;
   - fandrindrana ny politika arahin'ny governemanta mikasika ny fampiasam-bola madinika.

2. mifampizara amin'ireo vondrona hafa ny fitantanana ny toekarena, ny fifehezana ny fifandanjana lehibe ara-toekarena, ara-pitantanam-bola sy ara-bola, amin' ny alalan'ny fandrafetana, ny fizohina ary ny fanatsarana ny tondrozotra, fitarihana ny asa sy fanadihadiana ilaina mba hampahazava ny safidy sy ny fanampahan-kevitra raisin'ny Governemanta amin'ny lafin'ny teti-bola sy fitantanam-bola ;
3. miantoka ny fitantanana sy ny fizohina fanombatombanana ireo fanampiana avy any ivelany, ary mandray anjara amin'ny fandrindrana ny fiaraha-miasa amin'ireo mpamatsy vola ;
4. miantoka ny fiahiana ireo andrim-pitondrana mampiasa vola sy ireo antokon-draharaham-panjakana ;
5. mandray anjara mavitrika amin'ny fampandehanana tsara ny fampivoarana ny tontolon'ny Andrim-panjakana Malagasy ao anatin'ny fanapariaham-pahefana sy fitsinjaram-pitondana, ny fampanarahan-dalàna ny tontolon'ny koanty any amin'ny fitambaran'ny sehatra ara-toekarena.

<u>And.2 :</u> Ferana toy izao manaraka izao ny fandaminana ankapobe ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola :

1. Ny Kabinetran'ny Minisitra ;
2. Ny Sekretaria Jeneraly ;
3. Ny Foibem-pitondrana ankapobe momba ny Audit anatiny atoetra eo ambany fahefan'ny Minisitra mivantana ;
4. Ny Foibem-pitondrana ankapobe momba ny Fanaraha-maso ny Fitantanam-bola atoetra ho eo ambany fiahiana sy fanaraha-maso ataon'ny Minisitra..

## LOHATENY VOALOHANY
## NY KABINETRAN'NY MINISITRA

<u>And.3</u> : Ny kabinetran'ny Minisitra dia manampy azy eo amin'ny lafiny teknika sy politika amin'ny fanatanterahana ny asany.

Izany dia ahitana :

- Ny Talen'ny Kabinetra, iray (1) ;
- Mpanolotsaina teknika, efatra (4) ;
- *Chargés de Missions, telo (3) ;*
- Inspektera, telo (3) ;
- *Attachés de presse, roa (2) ;*
- Lehiben'ny arofenitra, iray (1) ;
- Lehiben'ny Mpitan-tsoratra manokana, iray (1).

<u>And.4</u> : Ny Talen'ny Kabinetra no mpiara-miasa akaiky amin'ny Minisitra. Izy no tompon'andraikitra amin'ny fanaraha-maso ambony sy ny fampandehanana ny Kabinetra manontolo izay izy no mandamina sy mandrindra ny fandaharan'asa ary mitandro ny fanatanterahana izany. Izy ihany koa no miantoka ny firaisan-kinan'ny kabinetra ka manome arak'izany ny toro-marika rehetra.

And 5 : Ny Talen'ny Kabinetra dia afaka mandray avy amin'ny Minisitra fanomezam-pahefana mba hisolo-tena azy amin'ireo lanonana na iraka ofisialy, hanao Sonia ny fanapahana miendrika politika sasantsasany izay tsy mampiditra andraikitra ny Firenena, mba hanatontosa iraka manokana indrindra eo amin'ny fifandraisana amin'ireo andrim-pitondrana eto amin'ny Firenena.

Didim-pitondrana ataon'ny Minisitra no hamaritra mazava ireo andraikitra ho sahanin'ny mpikambana hafa ao amin'ny Kabinetra.

## LOHATENY II
## NY SEKRETARIA JENERALY

And.6 : Ny Sekretera Jeneraly dia manampy ny Minisitra amin'ny fanatanterahana ny anjara raharahany ara-panjakana sy teknika.

Ny asany dia ny :

- Mitarika ny raharaha ao amin'ny Ministera ;
- Manao sy mampihatra ny paika arahina sy ny fizotry ny asa ahazoana antoka fa voatana ny fanekena nataon'ny Minisitera ;
- Mitantana ny tetibolan'ny Minisitera amin'ny maha - tompon'andraikitra ;
- Mitantana ny mpandraharaha ao amin'ny Minisitera amin'ny fomba tena mahomby ;
- Mitantana ny fananan'ny Ministera araka ny fitsipika momba ny fitantanana tsara.

Izy no misahana ny fandrindrana ny fanomanana ny Politika ankapobe arahin'ny Minisitera, ny fanentanana sy fizohina ny asa aman-draharaha ataon'ny Foibem-pitondrana Ankapobe, ny Foibem-pitondrana aty ifotony sy any amin'ny faritra, ny Sampan-draharaha aty ifotony sy any amin'ny faritra ao amin' ny Ministera izay ao anatiny ary koa ireo antokon-drahahraha miankina sy eo ambany fihahiany, na dia eo aza ny rijan-teny manokana mifehy izany.

Amin'izany, ny Sekretera Jeneraly dia manana fahefana amin'ireo Tale Jeneraly, Tale aty ifotony sy any amin'ny faritra ary koa ireo Lehiben'ny Sampan-draharaha aty ifotony sy any amin'ny faritra miankina aminy.

Noho izany, ny Minisitra dia afaka, amin'ny alalan'ny Didim-pitondrana, na fanampahana, mamindra aminy fahefana hanao sonia ny taratasy rehetra ara-panjakana sy ny taratasy ifandefasana rehetra mifandraika amin'ny anjara raharahany, afa-tsy ny taratasin-draharaha momba ny Didy aman'dalàna, ny Didim-pitondrana sy taratasy ifandefasana mampiditra andraikitra ny fanjakana.

Ny Sekretera Jeneraly dia mandray anjara amin'ny iraka momba ny fifanakalozana sy fifampiraharahana ifanaovana amin'ireo Mpandraharaha ara-toekarena eto an-toerana sy ny mpiara-miombon'antoka avy any ivelany ary mahazo famindram-pahefana avy amin'ny Minisitra izy hisolo tena azy amin'izany iraka izany.

Ny Sekretera Jeneraly dia manana :

- Birao momba ny Fanohanana ny Sekretera Jeneraly ;
- Foibem-pitondrana ny Mpiasa sy ny Fanohanana ;
- Foibem-pitondran-draharaha sy fitantanam-bola ;
- Foibem-pitondrana ny Rafitra Fampahalalam-baovao ;
- Foibem-pitondrana ny Fanamafisana ny Fitantanana ;
- Sampan-draharaha misahana ny Fifandraisana.

Ireto avy ny Antokon-draharaha miankina aminy :

- Ny Sekretaria Teknika misahana ny Fisintahan'ny Fanjakana ;
- Ny Foibem-pitondrana ny Trano Printim-pirenena ;
- Ny Filan-kevitra Ambony momba ny Fitanan-kaonty.

And.7 : Ny Birao Mpanampy ny Sekretera Jeneraly dia manampy azy amin'ny fanatanterahana ny anjara raharahany.
Araka izany, dia izy no misahana eo ambany fanaraha-maso ambony ataon'ny Sekretera Jeneraly, ny raharaha mikasika sehatra iray voafaritra ka miankina amin'ny tandrifim-pahefana nankininy aminy.

Azon'ny Mpikambana isanisany na ireo mpikambana ao amin'ny Birao Mpanampy ny Sekretera Jeneraly atao ny mitady ny fanampian'ny vondrona.

Ny Birao Mpanampy ny Sekretera Jeneraly dia miandraikitra indrindra :

- Ny fanohanana amin'ny fanomanana ny politika ankapobe arahin'ny Minisitera amin'ny lafiny hetra, tetibola ary fitsinjaram-pahefana ;
- Ny fampiharana izany politika ankapobe izany ;
- Ny fandrindrana ny fanavaozana.

Ny Mpikambana ao amin'ny Birao Mpanampy ny Sekretera Jeneraly dia manana ny laharan'ny Talen'ny Minisitera.
Ferana ho Fito (7) ny isany raha be indrindra.

And.8 : Ny Foibem-pitondrana ny Mpiasa sy ny Fanohanana no miandraikitra ny :

- fandraisana anjara amin'ny fanatsarana ny tontolon'ny asa ao amin'ny Minisitera ;
- fametrahana rafitra momba ny firaketana tahiri-kevitra ;
- fanampiana ny departemanta samihafa ao amin'ny Minisitera amin'ny firaketana tahiri-kevitra ao aminy eo amin'ny sehatry ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika ;
- fanaovana famolavolana ary fampiharana ny drafi-panofanana (anatiny, ivelany, am-boalohany na mitohy) ny Mpandraharaha ao amin'ny Minisitera ;
- fisahanana ny fampahafantarana malalaka fandaham-panofanana sy ny vatsim-pianarana ho fizaran-draharaha any amin'ireo departemanta samihafa ao amin'ny Minisitera ;
- fanampiana amin'ny fametrahana fomba fiasa amin'ny fanombanana ny asam-panofanana sy fandraisana anjara amin'ny fanombanana ;
- fisahanana ny fitondrana ny mpiasa, ny fitantanana ary ny fampivoarana ny Mpiasa eo anivon'ny minisitera.

Ny Foibem-pitondrana ny Mpiasa sy ny Fanohanana dia ahitana :

- Sampan-draharaha momba ny Fanohanana azo ampiasaina ;
- Sampan-draharaha momba ny Fanofanana sy ny firaketana tahirin-kevitra ;
- Sampan-draharaha momba ny Fitantanana ny mpiasa ;
- Sampan-draharaha momba ny Fandraisana ny olona ifampiraharahana.

And.9 : Ny Foibem-pitondran-draharaha sy Fitantanam-bola no miandraikitra ny :

- Fanamafisana ny volavolan-tetibolan'ny Sampan-draharaha ao amin'ny Minisitera, fitantanana ny fampitaovana ary koa ny sorabola ho fampandehanan-draharaha sy ho fampiasam-bola hamokarana ao amin'ny Sekretaria Jeneraly sy ny Kabinetran'ny Ministra ;
- Fitantannaa ny fananana sy ny fitaovana nomena ampiasain'ny Minisitera ;
- Fisoloan-tena ny Minisitera amin'izay mikasika ny fifanolanana ka na ho mpitory izy na ho toriana amin'ny raharaha mahakasika ny mpandrahara sy/na fananan'ny Minisitera, afa-tsy ny fifanolanana momba ny hetra sy ny fadin-tseranana.

Amin'izany, dia izy no tsy maintsy andefasana ny rijan-teny rehetra momba ny lalàna sy didy amam-pitsipika, ny rijan-teny momba ny fifanarahana ary koa ny tenimita ara-panjakana, eny fa na dia tsy avoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika aza izany rijan-teny izany.

Ny Foibem-pitondran-draharaha sy fitantanam-bola dia ahitana :

- Sampan-draharaha aty ifotony momba ny Fitondran-draharaha sy ny Fitantanam-bola ;
- Sampan-draharaha momba ny Fitaovana ;
- Sampan-draharaha momba ny Fanaovan-dalàna sy ny Fifanolanana ;
- Sampan-draharaha momba ny Fitsaboana sy ny Fahasalamana.

And.10 : Ny Foibem-pitondrana ny Rafitra Fampalalam-baovao no miandraikitra amin'ny ankapobeny ny fandaminana ny zavatra anankinana sy ny fanamorana ny fanangonana sy ny famintinana ireo vaovao mba iantohana ny fahafaha-mampiasa maharitra ireo fampahalalam-baovao ara-toekarena, ara-pitondran-draharaha ary ara-pitantanam-bola azo itokiana sy tsy maty paik'andro. Amin'izany dia izy no miandraikitra ny :

- Fanoloran-kevitra sy fanatanterahana ny tetika momba ny fampahalala-baovao ao amin'ny minisitera ;
- Fanoloran-kevitra sy fanatanterahana ny Politika ankapobe momba ny fikarakarana ireo foto-drafitrasa mikasika ny informatika ao amin'ny minisitera ;
- Fitantanana sy fandaminana ny tambajotra momba ny fampahalala-baovao eo anivon'ny Minisitera ;
- Fametrahana ny tahiry fitadidy monba ny andrim-pitondrana ;
- Fiantohana ny fitohizana sy ny fizotry ny fampitam-baovao ;
- Fiantohana ny fanarahana ny fivoarana ara-teknolojia ho fanatsarana ny fandaminanana ny asa eo anivon'ny Minisitera.

Ny Foibem-pitondrana ny Rafitra Fampahalalam-baovao dia manana ny :

- Sampan-draharaha miandraikitra ny Fanarahana ny fivoarana ara-teknolojia ;
- Sampan-draharaha momba ny Fanohanana amin'ny famolavolana ;
- Sampan-draharaha momba ny Fampandrosoana ;
- Sampan-draharaha momba ny Fikojakojana ankapobe.

And.11 : Ny Foibem- pitondrana ny Fanamafisana ny Fitantanana no miandraikitra ny :

- Fanatsarana ny fitantanan-draharaha ara-bola amin'ny alalan'ny fanaraha-maso ny fifandrindran'ny tetik'asa samihafa sy ny fandrefesana ny mahamaika sy ny fahazoana vokatra tsara eo amin'ny fandaniam-bolan'ny Minisitera ;
- Famakafakana ny endriky ny asa nataon'ny departemanta samihafa ao amin'ny Minisitera ho an'ny mpandraharaha, ary fiantohana ny fizohiana ara-drefy ny fanatsarana nokasaina ;
- Fiantohana ny fandrindrana ny fifandraisana eo anivon'ny departemantan'ny Minisitera ary ny fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana sy Minisitera hafa ;
- Manampy amin'ny fandrindrana ny fifandraisana amin'ny Mpamatsy vola.

Ny Foibem-pitondrana misahana ny Fanamafisana ny fomba Fitantanana dia ahitana :

- Ny Sampan-draharaha manohana amin'ny ny Fitantanam-bola ;
- Ny Sampan-draharaha manohana amin'ny Fitantanan-draharaha ;
- Ny Sampan-draharaha momba ny fifandraisana amin'ny Andrim-panjakana.

And.12 : Ny Sekretaria Jeneraly dia ahitana :

- Ny Foibem-pitondrana Ankapobe momba ny Tetibola ;
- Ny Foibem-pitondrana Ankapobe momba ny Fadintseranana ;
- Ny Foibem-pitondrana Ankapobe momba ny Hetra ;
- Ny Foibem-pitondrana Ankapobe momba ny Tahirim-bolam-panjakana.

And.13 : Ny Sampan-draharaha napariaka ao amin'ny Minisitera dia, eo amin'ny ambaratongan'ny Faritra, ny Sampan-draharaham-paritra izay eo ambany fadrindran'ny Foibem-pitondram-paritra, hivondronan'ny Sampan-draharaham-paritra roa na maromaro.

Ny Foibem-pitondrana ankapobe ao amin'ny Minisitera no heverina hanana rafitra napariaka dia ahitana ireo Foibem-pitondrana iraisam-paritra sy ireo Sampan-draharaham-paritra.

Na izany aza anefa, ny fametrahana ireo rafitra napariaka ireo dia tanterahina miandalana araka ny fivoaran'ny filan'ny Minisitera amin'ny lafiny ara-pandaminana.

## TOKO VOALOHANY
## MOMBA NY FOIBEM-PITONDRANA ANKAPOBE NY TETIBOLA

And. 14 : Ny Foibem-pitondrana Ankapobe ny Tetibola no miandraikitra ny :
- fisahanana ny fahaiza-mitarika eo amin'ny famolavolana ny lalàna fitantanam-bola novinavinaina sy ny lalàna fitatanam-bola fanitsiana, ary ny fanohanana izany any amin'ny manampahefana mpanao fankatoavana ;
- fanaovana ny rafitra momba ny toekarena faobe ;
- fanatanterahana ny lalàna fitantanam-bola amin'ny taona diavina sy ny lalàna fitatanam-bola fanitsiana ;
- fisahanana ny fahaiza-mitarika eo amin'ny famolavolana ny lalàna fandravonana ;
- famaritana sy fanatanterahana ny politika momba ny tetibolam-panjakana mikasika ny fitantanana ny fandaniambolam-panjakana, ka jerena amin'izany ny fepetra voalazan'ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika ;
- fanatanterahana sy fizohina ny fanatontosana ny lalàna fitantanam-bola ;
- fitantanana ny karama sy fisotroan-dronon'ny mpandraharaha ao amin'ny Fanjakana ;
- fanetsehana ny loharanom-karena ho amin'ny tombotsoan'ny vondrombahoaka sy ny antokon-draharaham-panjakana ;
- fisahanana ny fiahiana ara-pitantanam-bola sy tetibolan'ny antonkon-draharaham-panjakana eto amin'ny firenena ;
- fitantanana sy fanaraha-maso ny toera-ponenana sy tranom-panjakana, ny fitaterana ara-panjakana, fitaovana sy fiarakodiam-panjakana ;
- famondronana sy fisahanana ny fampifanarahana ny tarataasin-draharaha rehetra misy fiantraikany eo amin'ny fitantanam-bola sy ny tetibola ;
- fanomezana vaovao, fanabeazana, fampahafantarana ary fampivoarana ny fifandraisana iraisam-paritra.

Ny Foibem-pitondrana Ankapobe ny Tetibola dia manana ny :
- Sampan-draharaha momba ny Fifandraisana iraisam-paritra ;
- Sampan-draharaha momba ny Fandinihana sy ny Fanaovana fitsipika ;
- Sampan-draharaha ara-pitondrana sy fitantanam-bola ;
- Sampan-draharaha mifehy ny mpiasa.

Ny Foibem-pitondrana Ankapobe ny Tetibola dia ahitana ny :
- Foibem-pitondrana momba ny Fanatanterahana sy Famintinana ny Tetibola ;
- Foibem-pitondrana ny Fananam-panjakana ;
- Foibem-pitondrana ny Fanaovana fandaharanasa sy rafitra momba ny tetibola ;
- Foibem-pitondrana ny Karama sy ny Fisotroan-dronono ;
- Birao Fanohanana sy Mpanalalàna eto amin'ny Firenena ;
- Foibem-pitondranam-paritra momba ny Tetibola ;

And. 15 : Ny Foibem-pitondrana ny Fanatanterahana sy Famintinana ny Tetibola no :
- manatanteraka sy misahana ny fizohina ny fanatanterahana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bola ;
- mamolavola tetika sy/na ny fepetra tokony horaisina amin'ny fampiasana ny tahiry na fanampiana ara-bola avy amin'ireo mpiombon'antoka ara-bola ;
- manangona sy manara-maso ny fanajana ny fanatanterahana izay rehetra sora-panekena mety hanana fiantraikany eo amin'ny fitantanam-bola sy ny tetibola ;
- manomana ny lalàna fandravonana ;
- misahana ny fiahiana ara-pitantananam-bola ny antokon-draharaham-panjakana ;
- manohana ny andrim-pitondrana sy departemantan'ny Minisitera amin'ny fanatanterahana ny tetibola.

Ny Foibem-pitondrana ny Fanatanterahana sy Famintinana ny Tetibola dia manana ny :
- Sampan-draharaha momba ny Fanohanana ny Andrim-pitondrana sy ny Departemantan'ny Minisitera ;
- Sampan-draharaha momba ny Tetibola Fampandehanan-draharaha ;
- Sampan-draharaha momba ny Tetibola Fampiasam-bola hamokarana ;
- Sampan-draharaha momba ny Famintinana ny Tetibola ;
- Sampan-draharaha momba ny Fiahiana ny Antokon-draharaham-panjakana sy ny Fanefan-trosa.

And.16 : Ny Foibem-pitondrana ny Fananam-panjakana no miandraikitra ny fitantanana ny fanana-mifaka sy fanana-manaraka ary ny fitantanam-bola an'ny Fanjakana.

Ny Foibem-pitondrana ny Fananam-panjakana dia manana ny :
- Sampan-draharaha aty ifotony momba ny Tobim-piarakodiam-panjakana ;
- Sampan-draharaha momba ny Tranom-panjakana ;
- Sampan-draharaha momba ny Fitaovana ;
- Sampan-draharaha momba Fitaterana sy Tambin-karama.

And.17 : Ny Foibem-pitondrana ny Fanaovana fandaharan'asa sy ny Rafitra momba ny tetibola no miandraikitra ny :
- fanomanana sy fanolorana ny volavolan-dalàna momba ny fitantanam-bola tany amboalohany sy fanitsiana ;
- fiantohana ny fifanarahan'ny tetibola fandaharanasa amin'ny drafitra momba ny asa atao isan-taona ;
- fanaraha-maso ny fahazoa-manetsika ny famatsiam-bola momba ny fanaovana fandaharanasa sy ny fandaharanasa ho fampiasam-bola hamokarana ;
- fanaovana ny vinavina momba ny toekarena faobe sy ny fitarihana ny rafitra momba toekarena faobe hiantohana ny fifandanjana ara-toekarena sy fitatanam-bola momba ny volavolan-dalàna fitatanam-bola ;
- fanohanana eo amin'ny lafiny teknika ny fandinihana indray ny fitantanam-bolam-panjakana ;
- fanampiana amin'ny fanamboarana ny taratasy momba ny rafitra ao amin'ny volavolan-dalàna fitantanam-bola.

Ny Foibem-pitondrana ny Fanaovana fandaharanasa sy Rafitra momba ny tetibola dia manana :
- Sampan-draharaha momba ny Fanaraha-maso ny Asa momba ny Faminavinàna (SCAP) ;
- Sampan-draharahan'ny Rafitra momba ny Toekarena Faobe (SMCE) ;
- Sampan-draharaha momba ny Sehatry ny Fotodrafitrasa (SSI) ;
- Sampan-draharaha momba ny Sehatra Sosialy sy Ara-panjakana (SSA) ;
- Sampan-draharahan'ny Famintinana ny Tetibola (SSB).

And. 18 : Ny Foibem-pitondrana ny Karama sy ny Fisotroan-dronono no miandraikitra ny fitantanana ara-bola ny mpandraharaha ao amin'ny Fanjakana ;

Ny Foibem-pitondrana ny Karama sy ny Fisotroan-dronono dia manana ny :
- Sampan-draharaha momba ny Fikirakirana ny lafiny informatika ;
- Sampan-draharaha momba ny Vinavina sy ny Fizohina ny fandaniana mikasika ny karama sy ny Fisotroan-dronono ;
- Sampan-draharaha momba fifanolanana mikasika ny Karama sy ny Fisotroan-dronono ;
- Sampan-draharaha momba ny fanamarinana sy fanaraha-maso ny isan'ny mpiasam-panjakana ;
- Sampan-draharaha misahana ny fandrindrana sy fanavaozana momba ny karama sy ny fisotroan-dronono ;
- Sampan-draharaham-paritra momba ny Karama Analamanga ;
- Sampan-draharaham-paritra momba ny Fisotroan-dronono Analamanga ;
- Sampan-draharaham-paritra iraika ambi-roapolo momba ny Karama sy ny Fisotroan-dronono.

And. 19 : Ny Birao fanohanana ny Mpanalalàna eto amin'ny firenena no miandraikitra ny :
- fanelanelanana, fanoloran-kevitra ary fanohanana ny mpanalàlana eto amin'ny firenena mikasika ireo fitaovam-pamatsiam-bolan'ny Fiombonambe Eoropeana ;
- fandaminana, fandraisana anjara amin'ny fanomanana ny tetika momba ny fiaraha-miasa, ny fandaharanasa fanondroana eto amin'ny Firenena ary ny fitaovana fanampiana hafa ;
- fanaraha-maso ambony ny fizohina ny fizotry ny tetikasa ;
- fisahanana ny fizohina ny fanekena sy famoaham-bola ary ny fifandraisana amin'ny Delegasionan'ny Fiombonambe Eoropeana eto Madagasikara (DCEM) ;
- fifanakalozan-kevitra sy fifandraisana ary fifampidinihana amin'ireo mpandray anjara rehetra ;
- fiara-miasa amin'ireo mpanalalàna any amin'ny faritra ao anatin'ny Fandaharanasa Fanondroana aty amin'ny Faritra.

Ny Birao fanohanana ny Mpanalàlana eto amin'ny Firenena dia manana :
- Sampan-draharaha momba ny Fanaraha-maso ny Tetibola ;
- Sampan-draharaha momba ny Lalàna sy ny Fitanan-kaonty.

And. 20 : Ny Foibem-pitondram-paritra momba ny Tetibola no miandraikitra any amin'ny ambaratongan'ny faritra :
- ny fampiharana ny politika arahin'ny Fanjakana mikasika ny fandaniam-bolam-panjakana ;
- ny fanalalànana ny vola miditra sy mivoaka ;
- ny fampananan-kery ny taratasin-draharaha misy fiantraikany eo amin'ny fitatanam-bola sy ny tetibola ;
- ny fisahanana ny asan'ny mpanolotsaina momba ny fitantanam-bola sy ny mpanofana mikasika ny paika arahina ara-panjakana momba ny fanatontosana ny tetibola ;
- ny fisahanana ny fizohina sy ny fanaraha-maso ny fanatanterahana ny tetibola ;
- ny fisoloan-tena ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola eo anivon'ny vaomiera samihafa eo amin'ny ambaratongan'ny Faritra ;
- ny fisahanana ny fitantanana ara-bola ny mpandraharaha ao amin'ny Fanjakana ;
- ny fitantanana ny fananam-panjakana ;
- ny fankatoavana ny fifanekem-panofana fonenana sy tranom-panjakana ;
- ny fisahanana ny fiahiana ny antonkon-draharaham-panjakana.

Ny Foibem-pitondram-paritra momba ny Tetibola tsirairay dia manana :

- Sampan-draharaham-paritra momba ny fanatanterahana ny tetibola ;
- Sampan-draharaham-paritra momba ny fananam-panjakana ;
- Foibe momba ny Informatika any amin'ny Faritra ;
- Sampan-draharahan'ny Karama sy ny Fisotroan-dronono.

xxxxxxxxxxxxxxxxxxxxxxxxxxxxxxxx

## TOKO II
## MOMBA NY FOIBEM-PITONDRANA ANKAPOBE NY FADINTSERANANA

And. 21 : Ny Foibem-pitondrana ankapobe ny Fadintseranana no miandraikitra ny :

- Fanoloran-kevitra sy fampiharana ny politika arahin'ny Firenena amin'ny lafiny Fadintseranana ;
- Fanangonana amin'ny fomba mahomby sy araka izay tratra ny vola miditra amin'ny Fadintseranana ;
- Fanangonana sy famakafakana ny antontanisa mikasika ny varotra ivelany ;
- Fanaraha-maso ny tanim-pirenena ;
- Fiadiana amin'ny hosoka ao amin'ny Fadintseranana ;
- Fiarovana ny rojom-pampitaovana iraisam-pirenena.

Ny Foibem-pitondrana ankapobe ny Fadintseranana dia manana ny :

- Vondrona momba ny Fandrindrana, Fizohina sy Fanombanana ny asa momba ny fadintseranana ;
- Sampan-draharaha ara-pitondrana sy Fitantanam-bola ;
- Sampan-draharaha momba ny Fisafoana.

And. 22 : Ny Foibem-pitondrana ankapobe ny Fadintseranana dia ahitana ny :

- Foibem-pitondrana ny Raharaha araka ny Lalàna sy ny Ady amin'ny hosoka ;
- Foibem-pitondrana ny Antontanisa sy ny Fitanan-kaonty ;
- Foibem-pitondrana momba ny Fanaovan-dalàna sy ny Fitsipika ary ny Fandalinana ;
- Foibem-pitondrana eto amin'ny Firenena momba ny Fanofanana amin'asa aman-draharaha ;
- Foibem-pitondrana ny Sampan-draharaha Ivelany.

And. 23 : Ny Foibem-pitondrana ny Raharaha araka ny Lalàna sy ny Ady amin'ny Hosoka no miandraikitra ny :

- Fandalinana sy fikarakarana ny antontan-taratasy momba ny fifanolanana mahakasika ny sampan-draharaha sy/na ny mpiasan'ny fadintseranana ;
- Fanaovana ny fanaraha-maso aty aoriana ny fanambarana momba ny fadintseranana ;
- Fitarihana ny fanadihadiana any amin'ny orinasa ;
- Fanangonana sy famakafakana ary fitantanana ny vaovao momba ny ady amin'ny hosoka.

Ny Foibem-pitondrana ny Raharaha araka ny Lalàna sy ny Ady amin'ny Hosoka dia manana ny :

- Sampan-draharaha momba ny Raharaha araka ny Lalàna sy ny fifanolanana ;
- Sampan-draharaha momba ny ady amin'ny hosoka ;
- Sampan-draharaha momba ny Filankevitra, ny Fanaovana tahirin-kevitra ary ny Fifanapiana ara-panjakana ifanaovana iraisam-pirenena.

<u>And. 24 :</u> Ny Foibem-pitondrana ny Antontanisa sy ny Fitanan-kaonty no :

- Manolo-kevitra sy mandray anjara amin'ny fanatanterahana ny tetika amin'ny fampahalalam-baovao amin'ireo sampan-draharaha momba ny fadintseranana ;
- Mikirakira, mitrandraka, manaparitaka ary mitahiry ny zava-pantatra momba ny antontanisa mikasika ny vola miditra amin'ny fadintseranana sy ny varotra ivelany ;
- Mametraka sy mitrandraka ny rafitra mibaiko tena sy nampiharina tamin'ny fitanan-kaonty momba ny fadintseranana tafiditra ao anatin'ny SIGFP/PGDI ;
- Manara-maso sy mikirakira ary misahana ny fizohina sy fitrandrahana ny zava-pantatra momba ny fitanan-kaonty ;
- Mandrindra sy mitantana ny fifaneraserana anaty sy ivelany momba ireo rafitra informatika napetraka ary manitatra ny fampiharana izany ao amin'ny Foibem-pitondrana Ankapobe ny Fadintseranana.

Ny Foibem-pitondrana ny Antontanisa sy ny Fitanan-kaonty dia manana :

- Sampan-draharaha momba ny Fitanan-kaonty ;
- Sampan-draharaha momba ny Fandalinana ;
- Sampan-draharaha momba ny Antontanisa sy ny Fanadihadiana ara-toekarena.

<u>And. 25 :</u> Ny Foibem-pitondrana momba ny Fanaova lalàna sy ny Fitsipika ary ny Fandalinana no miandraikitra ny :

- Fanomanana ny volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bola ;
- Fandalinana sy fikarakarana ny antontan-taratasy momba ny fitondrana ny fadintseranana, ny filazam-bidy momba ny fadintseranana, ny asan'ny mpanelanelana amin'ny fadintseranana, ny sanda sy ny fiaviana ary ny fisafoana ireo entam-barotra ;
- Fandraisana anjara amin'ny fihaonambe iraisam-pirenena momba ny fadintseranana ary ny fampiharana ny fanekena natao tamin'izany fihaonambe izany ;
- Fanapiana ireo mpandraharaha amin'ny fampiharana ireo rijan-teny ;
- Famolavolana sy fanapariahan-taratasy firaketana ampiasaina ;
- Famolavolana ireo rijan-tenin-dalàna sy didy amam-pitsipika mikasika ny fadintseranana.

Ny Foibem-pitondrana momba ny Fanaova lalàna sy ny Fitsipika ary ny Fandalinana dia manana ny :

- Sampan-draharaha momba ny Hetsika ara-toekarena ;
- Sampan-draharaha momba ny Fandalinana sy ny Fanaovana tahirin-kevitra ;
- Sampan-draharaha momba ny fanaovana sy didy amam-pitsipika ;
- Sampan-draharaha momba ny Fifandraisana amin'ny any ivelany.

And. 26 : Ny Foibem-pitondrana eto amin'ny Firenena momba ny Fanofanana amin'asa aman-draharaha no :

- Misahana ny fanofanana am-boalohany ireo mpandraharaha natao hiasa ao amin'ny fandraharahana momba ny fadintseranana
- Mikarakara ny fiofanana mitohy ary ny fandalinam-pahaizana ataon'ny mpiasan'ny fadintseranana ;
- Manofana ireo mpiasa mpanampy ao amin'ny fadintseranana ;
- Manofana ireo mpiasam-panjakana ao amin'ny fadintseranana avy any ivelany ;

Ny Foibem-pitondrana eto amin'ny Firenena momba ny Fanofanana amin'asa aman-draharaha dia manana ny :

- Sampan-draharaha ara-pitondrana sy Fitantanam-bola ;
- Sampan-draharaha momba ny Fanofanana sy ny Fanamafisana ny fahafaha-miasa ;
- Sampan-draharaha momba ny Fianarana.

And. 27 : Ny Foibem-pitondrana ny Sampan-draharaha Ivelany no :

- Manara-maso ambony sy manara-maso ny asa fampidiram-bola ao amin'ny fadintseranana ;
- Mametraka ny rafitra manerana ny tanim-pirenena mba hisian'ny seha-pitantanana manakaiky vahoaka kokoa ;
- Manara-maso ambony ny fanaovana andrimaso ankapobe ny tanim-pirenena.

Ny Foibem-pitondrana ny Sampan-draharaha Ivelany dia manana ny :

- Sampan-draharaha momba ny lahasam-barotra
- Sampan-draharaha manara-maso ny tanim-pirenena

## TOKO III
## MIKASIKA NY FOIBEM-PITONDRANA ANKAPOBENY MOMBA HETRA

And. 28 : Ny foibem-pitondrana Ankapobe ny Hetra no miandraikitra

- Ny fanolorana sy fanatanterahana ny politika arahin'ny Fanjakana momba ny hetra
- Ny fanangonana araka izay tratra ny vola miditra avy amin'ny hetra
- Ny fiadiana mafy amin'ny fanaovana hosoka momba ny hetra amin'ny endriny rehatra ;
- Ny famolavolana ny tetik'asa sy ny fitondrana fanohanana ho an'ny vondrom-bahoakam-paritra mikasika ny famerana ny hetra ;
- Ny fisoloan-tena ny Ministera amin'ny fifampirarahana iraisam-pirenena mikasika ny hetra ;
- Ny fitazonana ny fifandraisana eo amin'ny sehatry ny fanampiana ara-panjakana miaraka amin'ny fitondran- draharaha momba ny hetra avy any ivelany .

Ny Foibem-pitondrana Ankapobe ny Hetra dia manana :

- Sampan-draharaha momba ny fitarihana sy fizohina ny fanavaozana
- Sampan-draharaha momba ny famakafakana ara-toekarena sy momba ny hetra ;
- Sampan-draharaha momba ny brogady mpanao fisafoana ;
- Sampan-draharaha momba ny fikarohana sy ny fanadihadihana.

Ny Foibem-pitondrana Ankapobe ny hetra dia ahitana Foibem-pitondrana aty ifotony :

- Foibem-pitondrana ny fandinihana sy ny fanaovan-dalàna momba ny hetra ;
- Foibem-pitondrana ny fanaraha-maso ny hetra sy ny fifanolanana ;
- Foibem-pitondrana ny fandrindrana ny lahasa ;

Ary Foibem-pitondrana azo ampiasaina :

- Foibem-pitondrana ny orinasa vaventy ;
- Foibem-pitondram-paritra momba ny hetra.

<u>And.29 :</u> Ny Foibem-pitondrana ny fandinihana sy ny fanaovan-dalàna mombany hetra no miandraikitra :

- Ny famolavolana sy ny fanaovana rijan-tenin-dalàna sy didy amam-pitsipika mikasika ny famerana ny hetra ary koa torolalàna ankapobe momba ny fahazoana ny hevitra ilaina amin'ny fampiharana izany ;
- Ny fisoloan-tena ny Foibem-pitondrana Ankapobe ny Hetra ao anatn'ny fampiharana ny fepetra momba ny hetra ao amin'ny fifanarahana iraisa-pirenena sy/na noho ny antony manokana.

Ny Foibem-pitondrana ny fandinihana sy ny fanaovan-dalàlana mombany hetra dia manana :

- Sampan-draharaha momba ny fanaovan-dalàna momba ny hetra
- Sampan-draharaha momba ny fandalinana sy ny fanovana tahirin-kevitra.

<u>And. 30 :</u> Ny foibem-pitondrana ny fanaraha-maso ny hetra sy ny fifanolanana amin'ny fanjakana no miandraikitra :

- Ny fanaraha- maso ny vola miditra amin'ny vatantenan'ny olona na fikambanana ;
- Ny fanaovana sy fampiharana ary fisahanana ny fizohina ny fandaharanasa momba ny fanaraha-maso ny hetra ;
- Ny famondronana ny tatitra rehetra momba ny fanamarinana sy ny fitazonana n yantontanisa momba ny fanaraha-maso ny hetra sy ny raharaha ifanolanana ;
- Ny fanaovana ny asa famorian-ketra nokendrena araka ny torolalàlana avy amin'ny manampahefana eo amin'ny ambaratonga ambony ;
- Ny fisoloan-tena ny Fitondran-draharaha mombany hetra miaraka amin'ny fahazoa-mamindra fahefana manoloana ny ambaratongam-pitsarana momba ny fifanolanana mikasika ny hetra ;
- Mandray anjara amin'ny fifampidinihana mombany ady amin'ny hosoka sy ny tsy fandoavan-ketra
- Ny fanaovana ny fampiharana tetikady ho fampidirana ny sehatra tsy manaraka lalàna ;
- Ny fisahanana ny fanohanana eo amin'ny lafiny fomba fiasa ny sampan-draharaha azo ampiasaina mikasika ny fanaraha-maso ny famoriana ary ny fanenjehana.

Ny Foibem-pitondrana ny fanaraha-maso ny hetra sy ny fifanolanana dia manana :

- Sampan-draharaha momba ny fandaharan'asa mikasika ny fanamarinana ny hetra ;
- Sampan-draharaha-aty ifotony momba ny ady amin'ny hosoka ;
- Sampan-draharaha momba ny fifanolanana sy ny fanenjehana.

And. 31 : Ny Foibem-pitondrana ny fandrindrana ny lahasa no miandraikitra :

- Ny fanaraha-maso ambony sy ny fandrindrana ny asa aman-draharaha ataon'ny foibem-pitondrana afa-miasa avy hatrany ;
- Ny famondronana ny fitànan-kaonty sy ny fitazonana ny antontanisa momba ny vola miditra avy amin'ny hetra ;
- Ny fisahanana ny fitantanana ny loharanon-karena ao amin'ny fitondrana (mpandraharaha, fitaovana, informatika) ;
- Ny famolavolana drafi-panofanana am-boalohany sy mitohy ;
- Ny fanomanana ny tetibola-fandaharana sy ny fisahanana ny fitantanana ny sorabola ho fampandehanan-draharahan ny sorabola ao amin'ny fandaharanasam-panjakana ho fampiasam-bola hamokarana (PIP) amin'ny tetikasa momba ny filaminana eo amin'ny lafiny hetra ary ny Sorabola ho amin'ny firotsahaan an-tsehatra ho an'ny tany mahantra sy be trosa indrindra (IPPTE).

Ny Foibem-pitondrana ny fandrindrana ny lahasa dia manana :

- Sampan-draharaha-ara-pitondrana sy fitantanam-bola ;
- Sampan-draharaha momba ny antontanisa sy ny fampidirana ny zava-pantatra ;
- Sampan-draharaha ny fanohanana sy ny fanofanana.

And. 32 : Ny Foibem-pitondrana ny orinasa vaventy no miandraikitra ny fitantanana ny antontan-taratasy momba ny orinasa manana ahay vola kirakiraina mitetina roa arivo tapitrisa ariary isan-taona.

Ny Foibem-pitondrana ny asa vaventy dia manana :

- Sampan-draharaha momba ny fandraisana sy fampahalalam-baovao ;
- Sampan-draharaha momba ny fitantanana ;
- Sampan-draharaha momba ny fanaraha-maso.

And. 33 : Ny foibem-pitondram-paritra momba ny hetra no miandraikitra :

- Ny fisoloan-tena ny foibem-pitondrana ankapobe momba ny hetra any amin 'ny manampahefana any amin'ny faritra sy/na eo an-toerana ;
- Ny fanentanana ny fandrindrana ny asa ataon'ny sampan-draharaha sy foibe momba ny hetra natoetra ho eo ambany fahefany ;
- Ny famantarana sy fanetsehana ny fitaovana azo ampiasaina (fitantanam-bola, fitaovana , mpiasa) ilaina hanatrarana ny tanjona ho tratrarina ;
- Ny fanomezan-dalàna ny paika arahina momba ny vokatra fehezin'ny fanaraha-maso ara-panjakana araka ny fitsipika mifehy ny tandrifim-pahefana mikasika izany ;
- Ny famondronana sy fanolorana ny Talen'ny fanaraha-maso ny hetra sy ny fifanolanana ny fandaharanasany momba ny fanamarinana ;
- Ny famondronana sy famakafakafana ny tatitra momba ny vola miditra amin'ny sampan-draharaha sy foibe momba ny hetra miankina aminy ;
- Ny fandaminana ny fandaharanasa momba ny fisafoana ny sampan-draharaha foibe momba ny hetra ;
- Ny fampitana ny tatitra momba ny vola miditra ao amin'ny Foibem-pitondrana ny fandrindrana ny lahasa ;
- Ny famolavolana sy fampiharana ny fepetra manokana hisahanana fampandehanana araka ny tokony ho izy ny sampan-draharaha sy foibe momba ny hetra miankina aminy ;
- Ny fanohanana ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana mikasika ny famerana ny hetra .

Ny Foibem-pitondram-paritra momba ny hetra dia manana :

- Sampan-draharaham-paritra momba ny orinasa ;
- Foibe momba ny hetra.

**TOKO IV**
**NY FOIBEM-PITONDRANA ANKAPOBE NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA**

And 34 : Ny Foibem-pitondrana Ankapobe ny Tahirim-bolam-panjakana no

- Mamolavola sy mametraka ny Didy amam-pitsipika momba ny fitanan-kaontim-panjakana ;
- Misahana ny fitantanam-bola sy ny kaontin'ny vondrombahoaka ary ireo antokon-draharaham-panjakana ;
- Mandray anjara amin'ny famolavolana sy ny fitarihana ny politikam-pitantanam-bola eto amin'ny firenena, faritra ary iraisam-pirenena arahan'ny Fanjakana ;
- Manao izay hisian'ny fifandanjana maharitra eo amin'ny tahirim-bolam-panjakana ;
- Mandray anjara amin'ny famaritana ny sori-dalana lehibe arahin'ny Fanjakana amin'ny politika mikasika ny sehatra miankina amin'ny fanjakana ;
- Mamaritra sy mampihatra ny politika momba ny tahirim-bola ;
- Mandrafitra ny sehatra momba ny politikam-pitantanam-bola eto amin'ny firenena ;
- Mandrindra ireo politika sy fandaharan'asa mikasika ny toekarena mahafaobe eo amin'ny sehatra ara-dalàna , ny fitantanam-bolam-panjakana, ny vola, ny any ivelany ;
- Mitantana ny fisamboram-bola ivelany ataon'ny Fanjakana (fifampiraharana, fisarihana sy fanefana ny sampan-draharaha momba ny trosa), ireo fanomezana sy fanampiana avy any ivelany ary ny setri-bidiny, ireo lahasa momba ny vola avadibadika sy ny famoriana ny trosam-panjakana ;
- Mitantana ny sehatr'asa an'ny Fanjakana ary misahana ny fiahiana amin'ny maha-solontenan'ny Fanjakana tomponà petra-bola azy ; ny fitantanana ny sehatrasa an'ny Fanjakana sy ny fiahiana ;
- Mandray anjara amin'ny fanomanana ny fifampiraharahana amin'ireo antokon-draharaha iraisam-pirenena amin'ny fanomezana ho ampiasaina ny taratasy firaiketana mifanandrify amin'izany (iraka fanaovana jery todika, iraka iarahana amin'ireo mpamatsy vola…)

Ny Foibem-pitondrana ankapoben' ny Tahirim-bolam-panjakana dia manana ny :

- Sampan-draharaha ara-pitondrana sy Fitantanam-bola ;
- Sampan-draharaha momba ny Fandrindrana eto amin'ny Firenena ny famatsiam-bola madinika ;
- Sampan-draharaha momba ny Fitantanana ny Fanampiana ifanaovan'ny Firenena roa.

And 35 : ny Foibem-pitondrana ankapobe ny Tahirim-bolam-panjakana dia manana ny :

1. Foibem-pitondrana ny Andiany mpanao fisafoana sy ny fanamarinana ;
2. Foibem-pitondrana ny Fitanan-kaontim-panjakana ;
3. Foibem-pitondrana ny Trosam-panjakana ;
4. Foibem-pitondrana ny Fandalinana ;
5. Foibem-pitondrana ny fanarenana ny sehatry ny fitantanam-bola sy ny sehatrasa.

And.36 : ny Foibem-pitondrana ny Andiany Mpanao Fisafoana sy Fanamarinana no :

- Manao izay hisian'ny Fanjakana tsara tantana eo amin'ny fitantanana ny tambajotra fitanan-kaotim-panjakana ;
- Mijery sy manaramaso ny fanarahan-dalàna ao amin'ny raharahan'ny mpitana kaontim-panjakana ;
- Manombana ny zava-bitan'ireo tobim-pitana koantim-panjakana ;
- Misahana ny fizohina ny fampiharana ny paika arahina amin'ny fanenjehana ireo mpitana kaontim-panjakana tsy manara-dalàna.

Ny Foibem-pitondrana ny Andiany Mpanao Fisafoana sy Fanamarinana dia manana ny :

1. andiany 1 : Sampan-draharaha mpijery sy mpanara-maso ny Tobim-pitanan-kaonty any amin'ny Faritra Avaratra ;
2. andiany 2 : Sampan-draharaha mpijery sy mpanara-maso ny Tobim-pitanan-kaonty any amin'ny Faritra Atsimo ;
3. andiany 3 : Sampan-draharaha mpijery sy mpanara-maso ny Tobim-pitanan-kaonty any amin'ny Faritra Afovoany.

And.37 : ny Foibem-pitondrana ny Fitana-kaotim-panjakana no miandraikitra :

- ny famolavolana sy fametrahana ny didy amam-pitsipika mikasika ny fitanan-kaontim-panjakana ;
- fanatanterahana ny fandaniam-bolam-panjakana, ny famondronana ny vola miditra amin'ny fanjakana ary ny fisahanana ny fitanan-kaontim-panjakana ;
- famaranana ny kaontim-panjakana ;
- ny fisahanana ny fitantanana ny vola sy kaontim'panjakana, ny an'ny vondrombahoaka ary ireo antokon-draharaham-panjakana ;
- ny fandaminana sy fandrindrana ary ny fitrandrahana ny asa aman-draharaha amin'ny toeram-pitanan-kaonty ;
- ny fisahanana ny fitantanana ny vola kirakirain'ny fanjakana.

Ny Foibem-pitondrana ny Fitanan-kaontim-panjakana dia manana :

1. Sampan-draharaha aty ifotony ahitana ny rafitra nalamina ho Sampan-draharaha ka, tarihin'ny manampahefana manana ny laharan'ny Lehiben'ny Sampan-draharaha any amin'ny Minisitera :
   - Sampan-draharaha misahana ny Didy amam-pitsipika sy ny fanovàna ;
   - Sampan-draharaha misahana ny fizohina sy ny fanotronana ny tobim-pitanan-kaonty ;
   - Sampan-draharaha momba ny Fitantanana ny Loharanom-bola ;
   - Sampan-draharaha momba ny Informatika sy ny Fitantanana ny Base de Données.

2. Ny Sampan-draharaha manana fahaizana manokana ka tarihin'ny manampahefana manana ny laharan'ny Talem-paritra any amin'ny Minisitera.
   - ny Agence Comptable Centrale du Tahirim-bolam-panjakana et de la Dette Publique :
   - ny Paierie Générale d'Antananarivo ;
   - ny Recette Générale d'Antananarivo.

3. Sampan-draharaha misahana andraikitra manokana eo anivon'ny Faritany sy/ na any amin'ny Faritra tarihin'ny manampahefana manana laharan'ny Talem-paritra amin'ny Ministera : ny Tahirim-bolam-panjakanaeries Générales

4. Sampan-draharaha misahana andraikitra manokana sy/na any an-toerana tarihin'ny manampahefana manana laharan'ny Lehiben'ny Sampandraharaha eo amin'ny Minisitera :
   Ny Agence Comptable centrale des Postes Diplomatiques et Consulaires ;
   Ny Tahirim-bolam-panjakanaeries Ministérielles ;
   Ny Tahirim-bolam-panjakanaeries Municipales Antananarivo ;
   Ny Tahirim-bolam-panjakanaeries Principales.

<u>And. 38 :</u> Ny Foibem-pitondrana Trosam-panjakana no miandraikitra ny :

- fitantanana ny trosam-panjakana ;
- fampiroboroboana ny fitaovana hoenti-mamatsy ny fanjakana amin'ny alalan'ny fitrosana anatiny ;
- fanatanterahana ny fanaraha-maso ireo teti-kasa izay azo avy amin'ny famatsiam-bola avy any ivelany ;
- fanomananana sy fandoavana ny trosam-panjakana anatiny sy ivelany ;
- fiantsorohana ny fanitsiana kaontim-bola momba ny trosam-panjakana ;
- fandraisana anjara amin'ny fandrafetana ny fikaroham-bahaolana momba ny trosam-panjakana ;
- fandraisana anjara amin'ny fanadihadiana ny trosam-panjakana ;
- miantoka ny fitazonana ny fahazakana ny trosam-panjakana ;
- misahana ny fitantanana ny "rétrocessions".

Ny Foibem-pitondrana ny Trosam-panjakana dia misy :

- Sampan-draharaha misahana fanarahamaso ny teti-kasa ;
- Sampan-draharaha misahana ny fitantanana ny trosam-panjakana ivelany ;
- Sampan-draharaha misahana ny fitantanana ny trosam-panjakana anatiny.

<u>And. 39 :</u> Ny Foibem-pitondrana ny Fandalinana no :

- mampiseho isam-banim-potoana ny tondrozotra momba ny "Raharaha Faobe ataon'ny Tahirim-bolam-panjakana OGT" ;
- manangona sy mitantana ary mamakafaka ny zava-pantatra mikasika ny sehatra ara-toekarena ;
- mamokatra ireo antontan'isa mikasika ny fitantanam-bolam-panjakana ampiasaina ato anatiny sy ivelany ;
- miantoka ny fitantanana sy fanaraha-maso ireo antontan-taratasy manana endrika fifanolanana ;
- misahana ny asan'ny mpanolo-tsaina araky ny lalàna ho an'ireo departemanta hafa ;
- misahana ny fiarovana ny tombontsoan' ny tahirim-bolam-panjakana ao anatrehan'ny sampam-pitsarana ;
- misahana ny fametrahana sy ny fampandehanana ny tsenam-bola eto Madagascar ;
- mamaritra sy mampiasa ny politika momba ny tahiry ;
- mamolavola sy manolotra paik'ady fanatevenana ny firoborobon'ireo Foibem-pitondrana sy Sampan-draharahan'ny tahirim-bolam-panjakana ;

Ny Foibem-pitondrana ny Fandalinana dia manana :

- Sampan-draharaha mikasika ny lalàna sy ny fifanolanana amin'ny fanjakana ;
- Sampan-draharaha momba ny antontan'isa fandinihana ara-toekarena ;
- Sampan-draharaha fanaovana fandaharan'asa sy fizohina ny tomban'ezaka.

And. 40 : Ny Foibem-pitondrana momba ny fanitsiana ny sehatra ara-bola sy ny kitapom-bola dia :

- misahana ny fiahiana ara-bolan' ireo andrim-panjakana ara-bola ;
- misahana ny fiahiana ny sehatra ivelany misy ny fiovaovan'ny takalo ara-bola ;
- mitantana ny volam-panjakana anatin'ireo orinasam-panjakana ;
- miantoka andraikitra amin'ny fanitsiana ny sehatra ara-bola miaraka amin'ny Banky Foibe;
- mandray andraikitra amin'ny fampiharana ny politikam-panjakana momba ny fitantanana ny orinasam-panjakana, indrindra ny amin'ny fisintahan'ny fanjakana sy ny fiaraha-miombon'antoka.

Ny Foibem-pitondrana momba ny Fanitsiana ny sehatra ara-bola sy ny Kitapom-bolam-panjakana dia misy :

- Sampandraharahan'ny Fiantohana ;
- Sampandraharaha momba ny Fizohina ny fifanakalozam-bola ;
- Sampandraharaha mikasika ny Kitapom-bolam-panjakana sy ny Fandraisan'anjaram-panjakana.

## LOHATENY III
## MIKASIKA NY FILAN-KEVITRA AMBONY MOMBA NY FITANAN-KAONTY

And.41 : Ny Filan-kevitra Ambony momba ny Fitanan-kaonty no :

- Mamoaka amin'ny sehatry ny kaonty, ireo fanamarinana, manome toromarika ary manolotra ireo volavolan-drijan-teny mikasika ny fitambaran'ireo sehatra ara-toekarena ;
- Mamaritra ny fenitra momba ny kaonty sy maneho ny hevitra mikasika ireo fenitra novolavolain'ireo antokon-draharaha iraisam-pirenena ;
- Manome ny fanamarinana mifanaraka mialoha amin'ireo didy aman-pitsipika, torolàlalana na toromarika eo amin'ny lafiny kaonty naroson'ny antokon-draharaham-panjakana na tsy miankina amin'ny Fanjakana ary ireo fangatahana fanamboarana hifanaraka amin'ny drafi-pitanan-kaonty faobe ;
- Manolotra ny fepetra mifandraika amin'ny fitrandrahana araka ny tokony ho izy ny kaonty na ho tombontsoan'ireo orinasa na vondron'asa aman-draharaha any amin'ny orinasa na ho fametrahana ny antontanisa eto amin'ny firenena na ny fitanan-kaonty ara-toekarena eto amin'ny firenena ;
- Manangona ireo vaovao sy fanadihadiana, manaparitaka izay rehetra fanaovana tahirin-kevitra mifandraika amin'ny fanatsarana ny teknika sy ny fandaminana ny fitanan-kaonty.

And.42 : Ny Filankevitra Ambony momba ny Fitanan-kaonty dia tarihin'ny filoha, izay tendrena eo ampivorian'ny Minisitra, ary mitovy laharana amin'ny Sekretera Jeneralin'ny Minisitera.

Ny Filohan'ny Filan-kevitra no misahana ny fandrindrana, ny fanentanana sy ny fizohina ny asan'ny rantsa-mangaika ao amin'ny Filan-kevitra.

Ny Filan-kevitra Ambony momba ny Fitanan-kaonty dia manana Sekretaria mpanantanteraka.

<u>And.43 :</u> Ny Sekretaria Mpanantanteraky ny Filankevitra ambony momba ny Fitanan-kaonty no :

- Manomana sy mandroso ny fanamarihana sy toromarika amin'ny Fivoriambe ataon'ny Filankevitra ambony momba ny Fitanan-kaonty ;
- Manao izay hampirindra sy ahatomombana ny lalàna mifehy ny kaonty ;
- Mandrafitra sy manolotra ireo volavolan-drijan-teny sy fenitra momba ny kaonty amin'ireo rantsa-mangaika ao amin'ny Filan-kevitra ;
- Manao ny fanadihadiana rehetra mikasika ny fanatsarana ara-teknika sy ny fandaminana mikasika ny kaonty ;
- Manohana ireo antokon-draharaham-panjakana sy tsy miankina amin'ny Fanjakana amin'ny fanamboarana hifanaraka amin'ny drafi-pitanan-kaonty faobe ;
- Mandinika ireo antontan-taratasy naroso tamin'ireo fivoriana samihafa nataon'ny Filan-kevitra ;
- Misahana ny sora-panekena ara-panjakana sy ny fifandraisana ilaina ho fanatanterahana ny andraikitry ny Filankevitra.

Ny Sekretaria Mpanatanteraky ny Filankevitra Ambony momba ny Fitanan-kaonty dia manana ny :

- Sampan-draharaha ara-pitondrana sy ara-pitantanam-bola ;
- Sampan-draharaha momba ny fanaovana tahirin-kevitra.

Ny Sekretaria Mpanatanteraky ny Filankevitra Ambony momba ny Fitanan-kaonty dia ahitana ny :

- Foibem-pitondrana ny Fanarenana ny sehatra miankina tanteraka na ampahany amin'ny Fanjakana ;
- Foibem-pitondrana ny Fanarenana ny sehatra tsy miankina amin'ny Fanjakana ;
- Foibem-pitondrana ny Fifandraisana sy ny Fizohina ny tetikasa.

<u>And.44 :</u> Ny Foibem-pitondrana ny Fanarenana ny sehatra miankina tanteraka na ampahany amin'ny Fanjakana no :

- Mampihatra ny fenitra momba ny fitanan-kaonty ho an'ny sehatra miankina amin'ny Fanjakana (Fanjakana sy ireo rantsana ao aminy) ;
- Mitana ho tsy maty paik'andro ny planina sy tari-dàlana momba ny fitanan-kaonty ho an'ny lahasam-panjakana.

Ny Foibem-pitondrana ny Fanarenana ny sehatra miankina tanteraka na ampahany amin'ny Fanjakana dia manana ny :

- Sampan-draharaha momba ny Fandalinana ny fenitra momba ny fitanan-kaonty ;
- Sampan-draharaha momba ny Fitànanana ho tsy maty paik'andro ny planina sy tari-dàlana momba ny fitanan-kaonty.

<u>And.45 :</u> Ny Foibem-pitondrana ny Fanarenana ny sehatra tsy miankina amin'ny Fanjakana no :

- Manao izay hisian'ny firindrana eo amin'ny Drafi-pitanan-kaonty ankapobe manan-kery amin'ny fenitra momba ny Fitanan-kaonty ;
- Miasa ho fahombiazan'ny fampiharana ny Drafi-pitanan-kaonty ankapobe manan-kery eo amin'ny ambaratongan'ny sehatra tsy miankina amin'ny Fanjakana.

Ny Foibem-pitondrana ny Fanarenana ny sehatra tsy miankina amin'ny Fanjakana dia manana ny :

- Sampan-draharaha momba ny Fandalinana ny fenitra momba ny Fitanan-kaonty ;
- Sampan-draharaha momba ny Fitànanana ho tsy maty paik'andro ny planina sy tari-dàlana momba ny fitanan-kaonty.

And.46 : Ny Foibem-pitondrana ny Fifandraisana sy ny Fizohina ny tetikasa no :
- Mamolavola, misahana ny fizohina fanombanana ny tetikasa nankinina amin'ny Filankevitra Ambony momba ny Fitanan-kaonty ;
- Mamolavola sy manantanteraka ary misahana ny fizohina fanombanana ireo asa fampitam-baovao, fanabeazana ary fifandraisana mikasika ny fametrahana ny Drafi-pitanan-kaonty ankapobe manan-kery sy ireo antontan-taratasy miaraka aminy.

Ny Foibem-pitondrana ny Fifandraisana sy ny Fizohina ny tetikasa dia manana ny :
- Sampan-draharaha misahana ny Tetikasa ;
- Sampan-draharaha misahana ny Fifandraisana sy ny asa fampitam-baovao, fanabeazana ary fifandraisana (IEC).

## LOHATENY IV
## MOMBA NY FOIBEM-PITONDRANA ANKAPOBE NY FANAOVANA AUDIT ANATY

And.47 : Ny Foibem-pitondrana ankapobe ny Fanaovana *Audit* anaty no :
- Misahana ny fahatsaran'ny fisahanana asam-panjakana atao eo amin'ny ambaratongan'ny Ministera ;
- Misahana ny fitantanana tsara any fitantanam-bolam-panjakana sy ny fitandroana ireo tombotsoam-pirenena eo anivon'ny Minisitera ;
- Manatanteraka ny asa momba ny *Audit*, ny fizohina fanombanana, ny fandaminana, ny fanamarinana, ary ny famotorana.

Ny Foibem-pitondrana ankapobe ny Fanaovana *Audit* anaty dia manana ny :
- Sampan-draharaha ara-pitondrana ny ara-pitantanam-bola.

And.48 : Ny foibem-pitondrana ankapobe ny Fanaovana *Audit* anaty dia ahitana ny :
- Foibem-pitondrana ny Fandaminana sy ny Fomba fiasa ;
- Foibem-pitondrana misahana ny Fanaraha-maso anaty.

And.49 : Ny Foibem-pitondrana ny Fandaminana sy ny Fomba fiasa no :
- Manolotra ireo zavatra manampy amin'ny fanapahan-kevitra sy ny tondrozotra momba ny andraikitra sy asa ataon'ny rafitra samihafa ;
- Misahana ny fizohina ny fanatanterahana ny rafi-pandaminana asa sy ny fampandehanana ireo sampan-draharaha ao amin'ny Minisitera ;
- Mitazona ny vaovao amin'ny endriky ny tahirin-java-pantatra ;
- Mandroso ireo endrika itovizana momba ny fisahanan-draharaha.

Ny Foibem-pitondrana ny Fandaminana sy ny Fomba fiasa dia manana ny :

- Sampan-draharaha misahana ny Fandalinana ;
- Sampan-draharaha misahana ny Fanaovana tahirin-kevitra ;
- Sampan-draharaha misahana ny Fikarohana azo ampiharina ;

And. 50 : Ny Foibem-pitondrana misahana ny Fanaraha-maso anaty no :

- Mamolavola sy mampihatra ny fandaharanasa momba ny *audit* isam-banim-potoana sy tsy maintsy atao ;
- Miantoka ny fahatsarana sy ny fahombiazan'ny paika arahina ary ny rafitry ny fanaraha-maso anaty eo anivon'ny Minisitera ;
- Manatanteraka ny asa momba ny audit na fanombanana ;
- Manatanteraka ireo asa samihafa mikasika ny famotorana.

Ny Foibem-pitondrana misahana ny Fanaraha-maso anaty dia manana ny :

- Sampan-draharaha momba ny audit ao amin'ny fitondran-draharaha momba ny fadintseranana ;
- Sampan-draharaha momba ny audit ao amin'ny fitondran-draharaha momba ny hetra ;
- Sampan-draharaha momba ny audit ao amin'ny Lahasa momba ny Tahirim-bolam-panjakana sy ny fandaniam-bolam-panjakana ;
- Sampan-draharaha momba ny *audit* ao amin'ny Antokon-draharaha miankina amin'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola

## LOHATENY V
## FEPETRA SAMIHAFA

And. 51 : Ao anatin'ny fandaminana ankapobe voafaritra amin'ity didim-panjakana ity, ny andraikitra samihafa ataon'ireo Sampan-draharaha ity ifotony ary any amin'ny faritra dia hofaritana amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola.

And. 52 : Foanana ary dia foana ireo fepetra teo aloha ka mifanohitra amin'ity didim-panjakana ity.

And. 53 : Ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Minisitry ny Asam-panjakana sy ny Asa ary Lalàna Sosialy no miandraikitra araka ny tandrify azy avy, ny fanatanterahana ity didim-panjakana ity, izay havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika.

Natao tao Antananarivo, ny

Avy amin'ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta,

Jean Omer BERIZIKY

Ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola

Hery RAJAONARIMAMPIANINA

Ny Minisitry ny Asam-panjakana sy ny Asa ary Lalàna Sosialy

Tabera RANDRIAMANANTSOA